# FIFANARAHANA ARAK'ASA TSY VOAFE-POTOANA

MPAMPIASA :

- Anarana / Anaran'ny orin'asa :
- Sata mifehy ny orin'asa (statut juridique) :
- Adiresy :
- Nomerao NIF :
- Nomerao STAT :

MPIASA :

- Anarana sy fanampiny :
- Daty nahaterahana :
- Toerana nahaterahana :
- Zom-pirenena :
- Toeram-ponenana (Adiresy) :

Ity fifanarahana arak'asa ity dia fehezin'ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny lalàna mifehy ny asa laharana 2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004.

## FEPETRA ANKAPOBENY

### And.1 : KARAZANY SY NY FETRAN'NY FIFANARAHANA

Ito fifanarahana arak'asa ity dia natao ho fifanekena asa tsy voafe-potoana (CDI) izay manomboka anio ……..(daty)…….

Ny mpiasa dia manao andran'asa mandritra ny …. volana. Mandritra io fotoana io, azo atao tsara ny manapaka ny fifanarahana amin'ny fotoana rehetra, izay tsy misy zo sitrahana ankoatran'ny fandoavana ny ambina karama sy ny sandan'ny fetr'andro tsy nalaina tokony nialana sasatra.

### And.2 : TOERANA IASANA

Ny toerana iasana dia ….. (anaran'ilay toerana)……

Fa mainkina amin'ny asa sy ny ny filan'ny orin'asa, ny toeram-piasana dia mety hiova amin'ny toerana rehetra izay misy ny orin'asa eto Madagascar.

### And. 3 : ASA HIANDREKETANA SY NY SOKAJIN'ASA

Asa ho atao :

Sokajin'asa (classification) :

### And. 4 : KARAMA

Ny karama izay ho raisina dia ….. Ariary (net ou brut) isam-bolana.

Ireo tombo-tsoa hafa izay sitrahan'ny mpiasa (Tanisaina ireo avantages en natures sy ireo sandany)

### And.5 : NY FIALAN-TSASATRA (congé)

Ny mpiasa dia manana zo anana fialan-tsasatra 2,5 andro isam-bolana isaky ny volana niasana. Ary ny daty hisitrahana izany zo izany dia miankina amin'ny fifanarahana sy ny fanomezana alalan'ny mpampiasa.

Mandritra ny fe-potoana angalana ny fialan-tsasatra, ny mpiasa dia mandray ny tambin-karamany mahazatra.

**<u>And.6</u> : LOZA MITRANGA MANDRITRA NY ORA FIASANA SY IREO TRANGANA TSY FAHASALAMANA**

Raha sanatria ka tratra ny loza na tsy fahasalamana mandritra ny ora fiasana, ny mpiasa dia misitraka tanteraka ireo karazana zo, izay mifanaraka amin'ny lalàna mifehy ny fiarovana ara-tsosialin'ny mpiasa.

**<u>Art.7</u> : NY FISOTRON-DRONONO SY NY FAHASALAMANA**

Andraikitry ny mpampiasa ny mampiditra ny mpiasany ho isan'ireo mpikambana ao amin'ny CNaPS.

Adidin'ny mpampiasa ihany koa ny miantoka ny fahasalamana sy ny raharaham-pitsaboanan'ireo mpiasa sy ny ankohonany araka ny andininy faha 128 ny lalàna mifehy ny asa.

**<u>And.8</u> : NY FITSAHARAN'NY FIFANARAHANA ARAK'ASA**

Izay rehetra manam-pikasana ny handrava ny fifanarahana arak'asa na ny mpiasa na ny pampiasa dia tokony hampandre an-tsoratra amin'ny fomba rehetra ny andaniny ny amin'ny fanapahan-kevitra izay ho raisiny sy miaraka amin'ny antony izay ahatonga azy handray io fanapahan-kevitra io, izay arahana marika ny nandraisana azy.

Araka ny voasoratra ao amin'ny didy laharana 2007-009 tamin'ny faha 09 ny volana Janoary tona 2007, azon'ny rehetra atao ny manapaka ary mandoa avy hatrany ny sandan'ny fialany raha tsy te-hanao izany izy.

Mifanaraka amin'ny andininy faha 18 ny lalàna mifehy ny asa, ny fifanekena asa tsy voafe-potoana dia azo atsa-hatra araka ny fanirian'ny andaniny sy ny ankilany ihany. Izany anefa dia mitaky fampandrenesana mialoha avy amin'izay tompon-kevitra amin'ny fanapahana.

**<u>And.9</u> : FANOVANA NY VOALAZAN'NY FIFANARAHANA**

Ny fanovana mahakasika ito fifanarahana arak'asa ito dia tsy maintsy misy taratasy fampahafantarana fanampiny ary soniavin'ny roa tonta.

Natao teto Antananarivo ny…….

SONIAN'NY MPIASA SONIAN'NY MPAMPIASA